## FANAMBARANA

Antananarivo, 25 Jolay 2020

# Aiza ho aiza ny famaliana sy fanatanterahana ny soson-kevitra nataon'ny firaisamonimpirenena hatramin'izay ary mbola namafisina ny 07 Jolay 2020.

***Miondrika am-panajana ary mampahery ireo rehetra nidonam-pahoriana sy/na latsaka an-katerena nandritra izao krizy iatrehana ny valan'aretina COVID-19 izao.***

*Nandritra ny fiatrehana ity krizy sy hamehana ara-pahasalamana ity dia tsy nitsahatra nanao soson-kevitra ny Firaisamonim-pirenena ROHY sy/na ny Vovonana na Fikambanana ao aminy ka indro iverenana izany ary tombanana izay setriny avy amin'ny Fitondrana sy ny Tompon'andraikitra mahefa.*

*Iray tena manan-danja ny **tokony hanomezana sehatra ny Manampahaizana amin'ny sehatry ny fahasalamana sy ny ady amin'ny valan'aretina amin'ny fitarihana ny ady**. **Misaotra, mankahery sy manohana ireo Mpiasan'ny fahasalamana efa nanatanteraka ny andraikiny sy ny asany hatramizay ho fitsaboana sy famonjena ny vahoaka malagasy. Aoka mbola ho vonona sy sahy miteny ary mandray andraikitra hatrany na dia eo aza ny tahotra sy tsindry isan-karazany. Mijoroa fa tombontsoa ambonin'ny firenena no tandrovana ary ianareo no aron'ny vahoaka amin'ity ady ity.***

1. **Notakiana ny hananganana Vovonana na sehatra ahafahan'ny mpiara-miombon'antoka rehetra mandray anjara amin'ny tolokevitra sy ny paikady entina miatrika ity valanaretina ity** sy ny fiainam-pirenena amin'ny ankapobeny.
   - **Tsy misy io sehatra io fa manapan-kevitra sy toa mahavita tena irery ny Fitondrana foibe** dia mbola ezahanay ampitaina amin'ny alalan'ny fanambarana ampahibemaso ny sosonkevitra ary ny Tomponandraikitra isan-tsokajiny indrindra ny Filoham-pirenena sy ny Praiministra ary ny Governemanta dia tokony mahay mandray izany handraisana fanapahan-kevitra mahasoa.
   - **Misy koa ny antso ataon'ny eo amin'ny Mpisehatra amin'ny fahasalamana, ireo sendika momba izany fiaraha-mifarimbona amin'ny rafitra iaraha-midinika sy iaraha-mitantana izany na (Comité de soutien et de suivi a la lutte contre le covid-19).**

2. **Omeo sehatra amin'izay ny Manampahaizana amin'ny fahasalamana indrindra ireo mpikaroka/mpitsabo matihanina sy tena zadraharaha amin'ny ady amin'ny valanaretina (epidemiologista) sy ny fandraisana an-tànana ny fitsaboana. Ireo fitarihana/mpitarika ara-politika indrindra ny eo amin'ny Fitondrana dia manamora sy mampihatra ny vahaolana fa tsy misalovana andraikitra aty amin'ireo** matihanina amin'ny fahasalamana velively.
   - **Sahy mitraka sy miteny ireo Tompon'andraikitra ao amin'ny fahasalamana isan-tsokajiny (Ministera, Sendikan'ny Mpitsabo mpanampy, Holafitry ny mpitsabo)** ary maneho ny fahavononany handray ny andraikitra araka ny fahaizana. **Ankasitrahana izany fandraisana andraikitra izany satria ho an'ny tombontsoa ambonin'ny olompirenena sy ny firenena.**
   - Noho izany **efa hita mihatsara kely** satria efa mba mahazo sehatra ny matihanina saingy efa halohalika ny ranom-bary vao mahazo laka ka tokony ampiana tosika mafy mba hahavaha olana.

3. **Atao laharampahamehana amin'ny fandaniana ny resaka fahasalamana** indrindra a) ny fampitaovana (fiarovana manokana isan'olona/EPI) sy ny fanomezana tosika ny mpiasan'ny fahasalamana miatrika ny valanaretina, b) ny fandraisana an-tanana ny fitsaboana ny marary, d) ny fanaovana ny fitiliana maro/faobe sy haingana. Tsy tokony hadinoina koa ny fitsinjovana ny olona marefo sy ny sahirana ho entiny miatrika ny hamehana.
   - **Tsy mbola tanteraka fa mbola maro ireo fandaniana hafa tsy laharam-pahamehana** ary tsy misy ifandraisany amin'ny ady amin'ny valanaretina nefa ny vola lazaina fa tsy ampy.
   - **Mbola tsy ahitana vahaolana na tsy mahazo fanalefahana** ny olona tsaboina sy sahirana maro
   - **Ankasitrahana ny famoahan'ny Ministeran'ny fahasalamana ny fitaovana sy fandaniana farafahakeliny ilainy haingana** hiatrehana ny ady. **Iangaviana ny Fitondrana mba handray sy hanatanteraka.**

4. **Atsahatra ny fanapahan-kevitra mandrisika ny olona hitsabo ny tenany any an-trano ary akarina haingana ny fahafahana mandray sy mitsabo marary amin'ny toeram-pitsaboana voatokana misy mpitsabo matihanina. Tokony vonona foana ny Fanjakana amin'ny fandraisana ny marary mila fitsaboana**
   - **Tanteraka amin'ny ampahany** satria maromaro ireo toerana nosokafana ho toy ny hopitaly fandraisana marary ary nampiasaina ireo trano/toerana malalaka ananan'ny Fanjakana; Nampitaovina sy omena fiofanana avy hatrany ireo tobim-pitsaboana ifotony (CSB); **Mbola tsy ampy anefa ireo fampitaovana eny anivon'ireny toerana ireny ka tokony hamafisina.**
   - **Mbola tsy ampy ny fampandraisana anjara sy fampitaovana ireo Fikambanana efa zatra miatrika loza sy krizy** (manana ireo toeram-pitsaboana vonjitaitra sy fandraisana traboina) toy ny Croix Rouge , ny SAF/FJKM, SALFA, CRS, sns mba ahafahany mampihatra haingana ny traikefany amin'izao fahamehana izao.
   - **Manentana ny Mpitsabo tsy miankina hanampy amin'ny fandraisana an-tànana ny marary** ny holafitry ny Mpitsabo sy ny Ministera. **Tsara ary tokony ampitaovina mifandraika amin'izany koa ireny Toeram-pitsaboana tsy miankina ireny.**

5. **Apetraka ny mangarahara tanteraka amin'ny fitantanana ny raharaha**
   - **Tsy tanterahina mihitsy ary lasa mampiahiahy ny olompirenena ny tsy fisian'ny tatitra mazava sy antsipiriany amin'ny volabe azo sy ny fandaniana natao** satria mbola betsaka ny tsy fahampiana amin'ny fahasalamana sy ny fandraisana an-tànana ny marefo.

6. **Omena fahefana sy fahafaha-miasa manokana ireo rafitra mpanara-maso toy ny Cour des Comptes, BIANCO, Inspection d'Etat sy ny Firaisamonimpirenena**
   - **Tsy ampy na tsy misy mihitsy ny fanaraha-maso ny fanatanterahana ny asa nefa dia ahiana ny gaboraraka** indrindra noho ny fomba fiasa izay tsy manaraka ny lalàna sy fitsipika mifehy mahazatra amin'izao vanim-potoana ny hamehana izao.
   - **Nahena aza ny tetibola entin"ireo sehatra mpanara-maso manao ny asany tao amin'ny tetibolam-panjakana nasiam-panitsiana 2020** satria misy tiana hafenina ve ?

7. **Raisina sy jerena akaiky ny hanatanterahana ny sosonkevitra atolotry ny Sehatra tsy miankina mba tsy hamonoana sy hahamaro ny very asa ary koa hanarenana haingana ny toekarena.**
   - **Efa maro ary ahiana hitombo hatrany ny very asa. Ho tara indray ny fiarenan'ny toekarena ka aoka asiana fifanakalozan-kevitra tsy miato** dieny izao hitadiavana vahaolana sy handraisana fanapahan-kevitra mahomby sy ankatoavin'ny maro.

8. **Mba hanamaivanana ny fiankinan-doha tafahoatra amin'ny any ivelany dia ingaina ny hambompom-pirenena ka apetraka ny rafitra (kaonty tokana) ahafahana manolotra an-tsitrapo fandraisana anjara amin'ny vonjiaina.** Atao mangarahara ary misy rafitra ifarimbonana iarahan'ny Fanjakana, ny Firaisamonimpirenena, ny Sehatra tsy miankina mitantana
   - **Mbola misy antenaina fa hahazo betsaka amin'ireo mpiara-miombon'antoka ve?** (Inona no ho tambiny?)
   - **Tsy ampy tarika ary tsy manana fahavitrihana hanao antso avo firaisankina** satria tsy nanao mangarahara sy nanao tatitra tamin'ireo fampiasana ny volabe efa azo?
   - **Misy ireo antso ataon'ny Mpiantsehatra amin'ny fahasalamana mifandraika amin'izay firaisankinam-pirenena.** Tokony ho dinihina sy ampiana izay hahatanteraka azy.

9. **Atao mazava tsara ary averimberina matetitka ny serasera sy ny toromarika ho an'ny vahoaka. Asiana «sehatra ahafahan'ny olompirenena mametraka fanontaniana sy manome na mizara izay tranga hitany »**
   - **Misy ny fanabeazana sy fandaharana maro** nefa mbola tokony hamafisina.
   - **Mbola vitsy ny sehatra ahafahana mifanakalo hevitra amin'ny** tompon'andraikitra (fandaharana amin'ny radios sy télés, page officielle FB na koa site spécial Covid).

10. **Ilaina hentitra ny fitondraana amin'ny fampiharana ny fepetra raisina, mila miara-misalahy ny rehetra** mba hahatontosa an'izany.
    - **Misy fivoarana ihany** na dia mbola misy aza ny Tompon'andraikitra manao tandrevaka na koa manararao-pahefana diso tafahoatra indray.